foy! Tombano amin' izany ny tebiteby feno nenina, ny fiampangan-tena tsy sahy miseho, ary ny famelana tsy misy mitana afa-tsy fitiavan-tena varij raiventy kely monja!

. .

Ny andro fahasivy, teo am-pisakafoa na, nijojo ny ranomason' ny vavy mangidy ny vary, ary "tsy misy tsir batramin' ny fiainana aza, hoy izy an eritreritra, raha mitohy izao fiolonolona na izao!"

Napetrany tsy sazoka ny satrony; tafatsangana ny lahy.

"Fa maninona hianao, tompokolahy?" hoy izy, tamin' ny feo valaka.

Fahanginana indray.... nifampijery izy roa, nifandinika tsara, tsy nisy niteny; nitohy ihany ny ranomason' ny vavy. Nisarangotra ny fon' ny lahy: toa henony fa tsiny no ao anatin' ny fitepony, ary nandresy ny avon' ny lehilahy ny fahamarinany!

Niketraka ho azy ny lohaliny, ka nilavo teo anoloan' ny vavy izy... tamin' feo feno nenina no nanaovany fifonana, ary tamin' ny teny feno fitiavana no nahazahoany famelàna.

. .

Ny fikopaka volamena, feno vato sarobidy sy loko mahafinaritry ny masoandro milentika, dia mihevaheva sy mivelatra ery amin' ny vodi-lanitra manjepizepy.

Miantefa eo amin' ny varavaran-kelin' ny efitra iray ny taratr' ireny fahazavana ireny, ka mampiseho azy mivady amintsika.

Manokatra vatasarihana iray Ravehivavy, ka mamoaka zavatra avy ao, izay atolony ny lahy, ampiany teny hoe:

— « Ireto voninkazo ireto — na dia efa malazo sy maina aza — dia nentiko ho anao. Mbola feno ny hanitry ny fanantenako omaly izy, ka vao mainka sarobidy ho anao, satria miampy ny fofona mameroveroveron' ny fitiavako anio sy rahampitso! »

Niondrika ny lahy: « Avelao ny lasa homba ny lasa! » hoy izy.

— « Eny, ekeko! » hoy ny vavy. « Tsy manana **Lala roa** intsony va ny fonao? »

— « Taloha izany!»

— « Efa ahy irery va hianao? »

— « Manontolo! »

— « Sambatra isika! »

J. RABEARIVELO

N. D. L. R. Ny Style vaovao sy mendrika ho fakafakain' ny mpanoratra sy ny mpamaky tehandini-javatra, ka mahatonga azy ho hafa lavitra noho ny "*Tena vehivavy*" nosoratan' i R. R. tamin' ny "*Loharano*" fahiny, no isan' ny nanaitra ny sainay hamoaka ity tantara ity. Iray fototra ny tantara roa, nefa mampiaiky ny tsy fitovian ny Style.